# ANTOKOM-PIHIRA (CHORALE)

## A- Araky ny maha sampan'ny Fiangonana

Vondron'olona vitsivitsy na maromaro :

- Mitory ny tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hira.
- Mijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy eo anivon'izao tontolo izao, mifampitaiza, izay mifanaraka amin'izany ao anatiny sy ivelan'ny Fiangonana.

## B- Ny fomba hahazoana manompo tsara an'Andriamanitra

- Andriamanitra no tokony ho tiavina voalohany izay vao ny hira,
- Ny hira izay atao dia ho voninahitr'Andrimanitra,
- Ny hira izay atao dia ho taratry ny hira any an-danitra.

## C- Fitaovana ampiasaina

- Ireo zava-maneno maro isan-karazany,
- Ny feo.

### a. Ny zava-maneno :

- zava maneno tendrena
  - vata maro afitsoka (clavier, accordeon, sns)
  - amponga
  - sodina, sns.

### b. Ny feo :

Misy karazany maro ny feo azo faritana ao anatin'ny antokom-pihira. Ohatra amin'izany ny feon'ny vehivavy sy ny ankizy ary ny feon-dehilahy. Ny feon'ny zaza amam-behivavy dia somary maranitra raha oharina amin'ny feon'ny lehilahy. Ireto avy ny karazany raha jerena amin'ny ankapobeny :

- Ireo feo voalohany na *sopranos*, (ou voix aiguës de femmes et d'enfants)
- Ireo feo faharoa na *altos*, (ou voix graves de femmes et d'enfants)
- Ireo feo fahatelo na *ténors*, (ou voix aiguës d'hommes)
- Ireo feo faha-efatra na voix de *basses*, (ou voix graves d'hommes).

Raha bangoina izany dia :

1. Ny feom-behivavy sy ny zaza dia ireto avy ny karazany :
   - soprano
   - mezzo-soprano
   - alto

2. Ny feon-dehilahy kosa dia ireto avy ny karazany :
   - ténor
   - baryton
   - basse

## D- Fampiharana

1. Hanjary toriteny velona ho an'ny tsirairay ny hira izay atao, ka samy hiezaka handinika izay lazain'ny soratra masina momba izany,
2. Maharitra amin'ny asa fanompoana ka ny fahaizana ny hira no atao tanjona fa tsy ny hamaroany,
3. Miara manandram-peo amin'ny vava, fo sy saina iray ary koa atao amin'ny fihetsika mirindra anefa izany,
4. Fahazaina mifampihaino (ny olona samy olona, ny olona sy ny zava-maneno).